Miaro ny **tenako** sy ny **fianakaviako** amin'ny aretina **PESTA**

- Manatòna **tobimpahasalamana (CSB)** akaiky indrindra raha misy **tranga mampiahiahy** na rehefa miseho ny iray amin'ireo **fambaran'ny Pesta**
- Azo **tsaboina tsara** ny Pesta raha **voatily ara-potoana** ary **tena mahomby ny fitsaboana**.
- **Maimaimpoana ny fitsaboana** ny Pesta eny amin'ny **tobimpahasalamana (CSB)**

Organisation mondiale de la Santé

unicef
pour chaque enfant

Ilaina ho **FANTATRA**

- Ny valanaretina Pesta dia **mety hahazo ny olona rehetra** amin'ny toerana rehetra. Aretina **mahafaty** ny Pesta raha tsy voatsabo ara-potoana eny anivon'ny tobimpahasalamana (CSB).
- **Azo tsaboina** tsara anefa ny Pesta **raha voatily ara-potoana** ary **tena mahomby** ny fitsaboana. Manasitrana sy ampy ny fanafody eto amintsika ary **maimaimpoana ny fitsaboana**. Tsy mitarika vokadratsy ho an'ny fahasalamana ny fanafody manasitrana ny Pesta
- Eny amin'ny **tobimpahasalamana (CSB)** irery ihany no ahafahana manao ny **fitiliana** ny Pesta.
- **Mampidi-doza** ny fanaovana **dokotera tena** sy ny mihinana ny fanafody manasitrana ny Pesta raha toa ka tsy nifandray tamin'ny olona ahiana ho mararin'ny Pesta satria miteraka ny tsy fandairan'ny fanafody manasitrana ny Pesta intsony izany aoriana.
- Ireo olona **nifanerasera akaiky** tamin'ny mararin'ny pesta, na ireo olona **nifanerasera tamin'ny olona ahiana** ho mararin'ny Pesta (elanelana 2 metatra), na ireo olona nikirakira ny **matin'ny Pesta** na ahiana ho matin'ny Pesta dia tsy maintsy **omena fitsaboana** mifanaraka amin'izany.
- Misy karazany roa ny Pesta : **Pesta atody tarimo** izay mifindra amin'ny alalan'ny **kaikitry ny parasy** sy ny **Pesta areti-tratra** izay mifindra amin'ny olona samy olona amin'ny alalan'ny **piti-drora**
- Ny mararin'ny Pesta areti-tratra ka nahazo fitsaboana ara-dalana dia tsy mamindra intsony **telo andro aorian'ny fitsaboana**.

Pesta atody tarimo

Ny olona rehetra n'aiza n'aiza misy azy ka misy fivontosana (atody tarimo) maharary na manaintaina ao ambany helika, na eo amin ny tenda, na eo amin ny foto-pe, mety manavy na tsia



Pesta areti-tratra

Ny olona rehetra n'aiza n'aiza misy azy ka, mikohaka latsaka ny herinandro na misy fambara iray amin'ireto: manavy, marary ny tratra, sempotra, mandrehoka misy rà

Ireo **FEPETRA FISOROHANA** ny Pesta

- Ialao ny fivoriana sy ny fitangoronana **hisorohana ny fiparitahan'ny otrikaretina**
- Hajao **ny elanelana 2m amin'ny marary** ahiana voan'ny pesta;
- **Fadio** ny mandrora sy ny mandrehoka ankalamanjana
- **Sasao** matetika amin'ny rano sy savony ny tanana
- Manaova **fitaovana fiarovana** raha tsy maintsy hanatona sy hikarakara ny marary sy maty ahiana voan'ny pesta
- **Fadio** ny mikirakira ny razana ahiana ho matin'ny pesta ankoatra ireo olona voatokana hanao izany. Araho ireo toromarika omen'ny manampahefana ao an-toerana mandritra ny fikarakarana sy ny fandevenana ny olona matin'ny pesta
- **Fadio** ny fanaovana **aro-vava** tsy hitondrana ny aretina pesta ao an-tokantrano
- **Fadio** ny mamono voalavo fa mampiparitaka ny parasy

Ady amin'ny parasy

- Arovy ny tena amin'ny **kaikitry** ny parasy
- **Fafao** matetika ny trano
- Hosory **savoka** ny toeram-ponenana
- **Diovy** ny fitafiana sy ny lamba firakotra ary pasohy
- **Ahazo** amin'ny masoandro ny lamba firakotra
- **Sokafy** hivezivezen'ny rivotra sy hahazo taramasoandro ny trano
- Mampiasà **ravina mamono parasy** toy ny dingadingana, ravina voandelaka, ravin-tseva

Ady amin'ny voalavo

- **Fadio** ny **mandoro tanety** sy manao tavy, esory ny lobolobo
- **Ario** amin'ny toerana tokony hisy azy ny fako na mampiasa **lavapako**
- **Diovy** ny tatatra
- **Fadio** ny manaparitaka ny potikanina sy ny ranon-dolana manodidina ny trano fonenana sy eny amin'ny tatatra
- Mampiasa **lavapiringa**
- **Tampeno** amin'ny fotaka misy vaki-tavoahangy ny **lavaboalavo**

Ny **FITSABOANA** ny Pesta

- Manatòna **tobimpahasalamana (CSB)** akaiky indrindra raha misy **tranga mampiahiahy** na rehefa miseho ny iray amin'ireo fambaran'ny Pesta na rehefa avy nandeha tany amin'ny toerana misy Pesta.
- **Fadio ny manao dokotera tena** raha tsy nifanerasera tamin'ny olona tratran'ny Pesta
- Asaivo manatona tombimpahasalamana (CSB) ny **marary ahiana** ho voan'ny Pesta
- **Ampandreneso** ny manampahefana akaiky anao raha misy marary na maty mampiahiahy
- Raha voamarina ny fisian'ny Pesta eo anivon'ny fiarahamonina:
  - Aoka ho **tony** ny rehetra
  - **Ferana** ny isan'ny olona mikarakara sy mifandray amin'ny marary

Raha misy **fanontaniana** na **ahiahy**:
antsoy **MAIMAIMPOANA** NY

034 30 810 30 **033 65 800 00** **032 32 038 00**

Takelaka namboarina tamin'ny 05 Oktobra 2017

Croix-Rouge Malagasy

Organisation mondiale de la Santé

unicef
pour chaque enfant